JESSICA MPANOTRA

## Mosavy tamin'ny sakafo, no nahafaty azy hoy ny fianakaviany

Tranga nanaitra sy nampalahelo ny maro, no anisan'ny nitranga tamin'ity herinandro ity dia ny fahalasanan'i Jessica Mpanotra teny Mandrosoa Ivato. Vao maty izy dia efa nisy ny fiahiahiana tao anivon'ny fianakaviany. Nanambara ary izao ny fianakavian'i Jessica, fa famosaviana no nahafaty ity mpitsabo sy mpanotra malaza ity, fantatra eo amin'ny sehatry ny fitsaboana nentim-paharazana. Raha ny fanazavana azo avy amin'ny fianakaviany dia nisy namosavy tamin'ny alalan'ny sakafo i Jessica. Efa fantany fony fahavelony izany, ka izy no nilaza tamin'ny olona akaiky azy ny hahazo azy. Herinandro mahery no efa tsy salama ity farany, hoy hatrany ny fianakaviana ary izao nitarika ny fahafatesany izao. Afak'omaly maraina, raha nikasa handeha hivalan-drano izy, no nitambotsitra tampoka ary tsy tana intsony ny ainy.



*Ny nofo mangatsiakan'i Jessica Mpanotra teny Ivato.*

Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mamerina ny teny fampionona feno ho an'ny fianakaviany sy ny taizany.

**Stefa**

Vokatra « Sanitizer »

## Hanatsara ny kalitaon'ny fahadiovana eny amin'ny toeram-pitsaboana

Mety hampihombo ny aretina ho an'ny olona marary, ny fahalotoan'ny toeram-pitsaboana sy ny tontolo manodidina. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Ny Avana Ambohidahy omaly, ny fanekem-piaraha-miasa, teo amin'ny Hopitaly Salfa (Sampan'asa Loterana momban'ny fahasalamana), sy ny orinasa Saniswiss avy any Genève, amin'ny famokarana sy ny fanaparitahana ny « Sanitizer », izay vokatra ara-pahasalamana « Bioéthanol », manampy amin'ny fanadiovana sy mamono ny mikraoba avy hatrany. Nilaza Ramatoa Rasoarimanana Sahondra Tale Jeneralin'ny Hopitaly Salfa, fa vokatra ambony kalitao, no sady manaja ny tontolo iainana afaka manadio an'ireo toerana sy efitra ary ny fitaovana ampiasain'ny mpiasan'ny fahasalamana ny "Sanitizer" ary amin'ny alalan'ny tetik'asa « Salfa Hygiène », no ahafahana mampahafantatra sy manaparitaka ny vokatra eto an-toerana hatrany ampitan-dranomasina. Nanohy fanazavana ny Talen'ny Hopitaly Salfa, fa ny orin'asa Saniswiss, no mpamokatra ary i Madagasikara no hanambatra an'ireo akora fototra ilaina amin'ny fanamboarana ny « Sanitizer » toy ny fambolena katsaka sy ny fary. Nanamafy Ramatoa Rasoarimanana Sahondra, fa hiteraka asa ho an'ny olom-pirenena ity tetik'asa ity, satria hanangana toerana ahafahana manao ny « Mise en bouteille » sy ny « étiquetage » ny Hopitaly Salfa. Nomena taratasy fankasitrahana ireo mpikambana ao amin'ny tetik'asa « Salfa Hygiène », noho ny fahavitan'ireto fiofanana notanterahina mandritra ny 3 andro amin'ny fikirakirana ny vokatra « Sanitizer ».



*Vokatra Sanitizer.*

**Franck Razakambelo**

UEFA Champion's League 2021/2022

## Villareal, Real, Man City ary Liverpool no hiatrika ny 1/2-dalana

Man City sy Real Madrid an-daniny ary Liverpool sy Villareal an-kilany no ekipa hifanandrina amin' ny ankatoky ny famaranana amin'ny fifaninanana "UEFA Champion's League 2021/2022" ho tanterahina amin'ny talata 26 sy alarobia 27 aprily 2022 ary amin'ny talata 03 mey sy amin'ny alarobia 04 mey 2022 ho avy izao.

Tamin'ny talata 12 aprily sy alarobia 13 aprily 2022 lasa teo no tanteraka ireo lalao 1/4-dalana miverina tamin'ity fifaninanana ity ka nahatafita ny ekipan'i Villareal, Real, Man City ary Liverpool.

Vokatra azo tamin'izany : Bayern 1 – 1 Villareal (fitambaran'isa 1-2), Real 2 – 3 Chelsea (fitambaran'isa 5-4), Atlético Madrid 0 – 0 Man City (fitambaran'isa 0-1), Liverpool 3 – 3 Benfica (fitambaran'isa 6-4).

Raharahan'ireo ekipa avy any Espagne sy Angleterre araka izany ity ankatoky ny famaranana ny « UEFA Champion's League 201/2022 » ity.




*Sary famantarana ny Champion's League 2021/2022 an'ny UEFA any Eôrôpa.*

**Rainilita**

Mpamosavy tratry ny tolaka

## Leo monina tsy nahatanty vavam-bahoaka

***Mba hafa indray ity tranga ity satria raha tsy misy maty isan-taona ity fianakaviana ity dia leo monina sy manaotao foana izy mianakavy.***

Toy izao indray mantsy ny fandehan'ny tantara : Avy any Soavinandriana ity fianakaviana ity . Manana tanàna sy saha mamokatra ary tsara rano ihany koa. Tsy niteraka izy roa ireo ary olon-kafa no nalaina hanampy azy. Sady nampiana ity fianakaviana ity no nampianarina koa ny zanany. Tompon-toerana tanteraka izy ireo raha avy any Ambatondrazaka no fiaviany. Nifanila taminy nefa ny fianankavian'izy mivady izay tsy nisy olana fa tsy afaka niaraka fotsiny ary anabavin'ilay rangahy ihany io. Nanomboka teo dia niha-ratsy fihavanana ilay mpanampy sy ity fianakavian'ny tompon-tany ity ary nanomboka nifampialona izany. Vao mandeha eo antokotany ny akohon'ilay ramatoa dia tapaka ny feny na maty. Vao mandalo eo an-tokotany ny zanany dia rarahany rano misy savony ny làlana ka potraka sy maratra mihitsy. Tsy vitan'izany, fa narary ilay ramatoa indray alina ary saiky maty mihitsy satria bibilava sy maingoka izany no mitranga loha eny ambony plafond. Ny vava ratsy amin'izany mirarankompana manaratsy sy manompa mihitsy aza satria izy hono no tompontany fa tsy ity havan'ny patraony. Teo anelanelan'izay nefa dia maty ilay zaobavin'ilay ramatoa ary iray taona taty aorina dia maty koa ilay vadiny. Niha-sarotra ny raharaha satria tsy afaka nikasika izay fananana teo izy mianakavy na dia havany aza. Latsalatsa sy taimbava ny niainan'izy mianakavy ka tsy maintsy mitady hevitra nanatona an'i mr Aina mpitsabo 0382902668 sy ny 0339178091 eny Ambonisoa Itaosy satria hitany tamin'ny fahitalavitra sy gazety ny « pouvoir » ananan'io mpitsabo io.

### Mosavy sy bemanaiky no nahazo azy mianakavy

Vao nihaona dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy : tratry ny bemanaiky izy mivady havanareo hoy izy ka tsy afaka nisaina intsony anareo havany. Ankoatr'izay hoy izy, dia tratry ny mosavy ihany koa ianareo ka tsy ho tafapetraka sy ho leo monina mihisy aza satria izay tsy maty dia leo monina. Nokarakaraina izy mianakavy, nesorina ny sakana ary nodiovina sy mbola nampitondraina fanefitra ihany koa. Ny hery tsy mahaleo ny fanahy hoy ity mpitsabo ity fa ho hitanareo ny fivadiky ny baolina.

### Vaky lositra sy leo monina ilay mpamosavy

Telo andro taorian'ny fikarakarana dia leo monina sy vaky lositra niala ny tanàna ilay ramatoa satria tsy nandaitra intsony ny fanafodiny fa nitolaka tany aminy. Lasa niteniteny foana sisa izy ary lasa nifona sy nandohalika tamin'ilay ramatoa havan'ny maty. Tsy vitan'izany fa nitsodrano azy ireo fa fitiavan-tena ny azy fa ianareo no havany ka aleo izahay hody any Ambatondrazaka hoy izy satria tsy resin'ny anay ny anareo fa mahery. Niverina amin'ny laoniny amin'izay ny fiainan'izy mianakavy , salama tsara avokoa ary milamina sy afaka nanao ny fivelomana tsara satria tsy nisy atahorana intsony fa efa lasa ilay ratsy saiky hamono sy hamotika ny fiainan'izy mianakavy.

**Namana**

Tranga tsy nampoizina

## Zazavavy kely 4 taona maty nahatelina kanety

Tranga tsy nampoizina sy nampalahelo, no nitranga teny Beravina Itaosy Antananarivo Atsimondrano tamin'ity herinandro ity. Zazavavy kely 4 taona, no maty nahatelina kanety ny talata lasa teo. Raha ny filazan'ny ray aman-dreniny dia teo am-pilalaovana izy no tradoza, rehefa nahatelina kanety iray tsy nahy. Tafasondroavaka tany an-tendany ilay kanety rehefa nataony am-bava. Nasaina nalohany, kanefa tsy tafavoakany intsony. Nifamonjena izy ary nentina teny amin'ny hopitaly, saingy tsy tana intsony ny ainy. Ny alarobia lasa teo no nalevina ny nofo mangatsiakany. Ny patsa iray tsy omby vava, tokony hojerena sy haraha-maso akaiky ihany ny kilalao mety hampidi-doza lalaovin'ny ankizy, raha ny tsoa-kevitra avy amin'izao tranga mampalahelo izao.

**Niaina**